Ny Baiboly ho an'ny ankizy

dia manolotra



Samsona, ilay lehilahy maherin' Andriamanitra

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: Janie Forest
Nampifanarahin'i: Lyn Doerksen
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2014 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Taloha ela be, nisy lehilahy iray antsoina hoe Manôa nonina tao amin'ny tanin'ny Israely. Indray andro, nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'ny vadin'i Manôa, ary nilaza taminy fa hiteraka zazalahy izy.

Nampahafantariny ny vadiny ny vaovao tsara. Ary dia nivavaka i Manôa ka nanao hoe: Tompo o! ... Miverena aty aminay. Lazao anay izay tokony hataonay amin'ny zaza.



Ny anjely nilaza tamin'i Manôa fa tsy azo hetezana mihitsy ny volon'ilay zaza ho teraka, tsy mahazo misotro zava-pisotro misy alikaola sy sakafo maloto ihany koa izy. Nisafidy ity zaza ity Andriamanitra mba ho mpitsara, hitarika ny Israely.





Tena nila fanampiana tokoa ireo vahoakan'Andriamanitra. Voagejà mafy ny Filistinina izay fahavalony izy ireo. Rehefa nivavaka anefa ireto vahoaka, dia nihaino azy Andriamanitra. Nandefa ity zaza izay ho lasa lehilahy matanjaka indrindra eran-tany ity izy, hanavotra azy ireo.

Ary nitera-dahy tokoa ravehivahy ka ny anarany nataony hoe: Samsona. Dia nihalehibe ilay zaza, ary ny Tompo nitahy azy. Nanomboka nanetsika azy ny Fanahin'i Tompo, ka dia lasa natanjaka be i Samsona. Indray andro, nifanena tamin'ny liona tanora iray i Samsona, nierona nanatona azy ilay liona, noraisiny tamin'ny tanana avy hatrany ary novonoiny.

Andro vitsivitsy tato aoriana, niverina nijery ny fatin'ilay liona Samsona ka nahita renintantely sy tantely nivangongo tao anatiny. Dia nalainy tamin'ny tanana izany ary nohaniny.

Nanao ankamantatra iray izy:
"Ilay mihinana no ipoiran'ny hanina,
ilay mahery no ipoiran'ny mamy".

Tsy nisy nahalala ny valin'ilay ankamantatra na iray aza – saingy nolazain'ilay vady vaovaon'i Samsona, izay Filistinina, tamin'ny namany ny valiny. Tezitra mafy i Samsona noho izany.

Vao maika tezitra i Samsona rehefa nomen'ny Filistinina ho vadin'ny namany akaiky indrindra ny vadiny. Nanao valifaty izy. Tamin'ny fomba ahoana? Nisambotra amboahaolo telonjato i Samsona, izay nafatony tsiroaroa tamin'ny rambony. Nasiany fanilo iray avy teo anelanelan'ireo rambo nifatotra.

Nalefan'i Samsona nony avy eo ireo amboahaolo hankeny amin'ny tanimbarin'ny Filistinina handoro ny voliny.



Mitady ny valifatiny ihany koa ireto Filistinina. Nanaiky nosamborina i Samsona, nofatorana izy ary natolotra ny Filistinina izay mikasa ny hahafaty azy.



Saingy nilatsaka tamin'i Samsona ny Fanahin'i Tompo ka nivaha mora foana ireo tady namatorana azy. Nahita valanoranom-boriky iray teo akaiky teo i Samsona, dia noraisiny ary namonoany ho faty 1000 lahy tamin'ny Filistinina izany.



Nitady fatratra an'i Samsona ny Filistinina. Indray alina, nofandrihan'izy ireo tao amina tanana iray izy. Nohidian'izy ireo mafy ny vavahadin'ilay tanàna. Saingy afaka nitsoaka i Samsona, ary nobetainy nanaraka azy ireo vavahadin'ny tanana.



Saingy Samsona nihanalemy teo anatrehan'Andriamanitra. Ny Tompo dia nanome tanjaka azy raha toa ka mbola nankato izay nolazainy izy. Indray andro, namboraka ny tsiambaratelon'ny tanjany tamin'i Delilà, vehivavy mpitsikilo Filistinina, i Samsona. Raha resin-tory iny ary i Samsona dia notapahanan'i Delilà tsimoramora ny volony.

Tonga nanafika
an'i Samsona tao
an-tranon'i Delilà ny
miaramila Filistinina.
Namaly avy hatrany i
Samsona, saingy efa
niala taminy ny heriny.
Nopotsirin'ireto
fahavalony ny masony.

Jamba sy osa, lasa andevon'ny Filistinina i Samsona. Nihomehezan'izy ireo sy noesoiny ilay mpanompon'Andriamanitra.

Nanao fety lehibe
ny Filistinina,
hankalazana an'i
Dagôna andriamaniny,
izay nanolotra an'i
Samsona teo an-tanany.
Nihinana sy nisotro ary
nifaly tokoa izy ireo.
Nampanalaina i
Samsona mba hanala
hamohamo azy ireo.

Tovolahy kely iray no nitondra an'i Samsona avy any, ary namela azy hiankina amin'ny andry manohana ny tempoly. Nisy olona 3000 teo ho eo teo an-tampon-trano, ary mihoatra izay mihitsy aza taty anatiny, izay nanakora an'i Samsona avokoa.



Saingy niverina nanomboka naniry indray ny volon'i Samsona tao an-tranomaizina. Niantso ny Tompo i Samsona hoe: "Ry Tompo Andriananahary ô! Omeo hery aho amin'ity indray mandeha ity monja, mba hamaliako faty ireto Filistinina ireto noho ny amin'ny masoko roa".



Omen'Andraiamanitra hery indray ve i Samsona? Ho tanterak'i Samsona ve ny zavatra tiany atao? ENY, nihenjana mafy arak'izay fara heriny i Samsona, ary dia nirodana ny tempolin'ny Dagôna. Nianjeran'ny tempoly tao ireo mpanjaka sy izay rehetra tao, ary dia maty. Isan'izany koa Samsona.

Samsona, ilay lehilahy maherin'Andriamanitra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Mpitsara 13-16

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130


Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16